FIKAMBANANA SY ONG MAROMARO

Manana fanamby ho fampandrosoana ny tanora Malagasy

Manana fanamby maromaro ho fampandrosoana ny tanora Malagasy ireo fikambananaa sy ONG, nikaondoha tamin'ny voalohandohan'ity volana aprily ity. Ireo fikambananaa sy ONG ireo dia nahitana ny: Observatoara Momba ny Tanora, ny ONG Hintsy, ny SAF FJKM, ny CCOC, ny JAI, ny Code Menabe ary ny RJDP. Nambaran'izy ireo: ekena fa maro ireo ezaka natao ho an'ny tanora, na avy amin'ny fanjakàna izany, na nataon'ireo tsy miankina. Anisan'ireo ezaka ankehitriny ohatra ny nampidirana izany anatin'ny Plan Emergence de Madagascar (PEM). Ankoatr'ireo vokatra azo tamin'izy ireny, izay mety ho nahafa-po ny mpiantsehatra na tsia, dia tena ilaina ny mandrefy ny fiantraikany eo amin'ny tanora. Ny mahavita hetsika fotsiny tsy ampy, fa ny hampisy akony amin' ny fisitrahan'ny tanora maro an'isa no tena ilaina. Sombitsombiny ihany amin'ireo fanamby lehibe anton'izao sisi-kevitra izao no atsipiny ny teny ho an'ireo tompon'andraikitra isan'ambaratonga, mba hahatonga ireo tanora 8 tapitrisa mahery ho tena fanoitr'ity firenena ity tokoa, ary hahatonga azy ireo hanana fanantenana azo antoka amin'ny ampitso, izay efa tena akaiky. Rahampitso sy afaka 10-20 taona izy ireo dia tokony ho mpiantsehatra mahefa amin'ny fandraisana anjara ara-politika, sosialy, fihariana, kolontsaina, ny tontolo iainana sy ny fiarahamonina ankapobeny. Afaka 20-30 taona kosa dia mba hioty ny vokatr'izany fisasarany izany, hiaina finaritra, ho ela velona ary hamela mamy ho an'ny zanaka amam-para. Ny taranaka aorian'izy ireo kosa avy eo dia mendrika handova tontolo azo iaingàna, ho amin'ny tsaratsara kokoa hatrany. Ireo fanamby lehibe atolony:

Ny tokony ho fanontaniana lehibe apetraka dia hoe "atao ahoana ny famolavolana tanora ho tonga tompon'andraikitra amin'ny tenany sy ny manodidina azy ary ny firenena?"

Ny ilaina hiarahana mikaon-doha dia hoe:" inona avy ireo soatoavina tena iriantsika ho atsangana ho tanjona?"

Tena ilaina ny manana voka-pikarohana mahakasika ny lasa niainana sy ankehitrinin'ireo sokajy 30 taona, mba hahafahana mamaritra izay banga sy tohana hilaina. Sosokeviny ny hanaovana fikarohana matotra sy lalina ary fampanjariana (capitalisation) ireny loharanom-pahombiazana (facteurs de réussite) ireny, hisintonana zotra enti-mampandroso ny tanora

Mila lasitra (politikam-pirenena) matanjaka, ilasiran'ny rehetra, miainga avy eny ifotony, ary mirindra tsara amin'ireo politikam-pampandrosoana isan-tsokajiny (asa/emploi, travail; kolontsaina, mahaolompirenena, fahasalamàna, sns... ny famolavolàna tetik'asa ho an'ny tanora. Raha tsy izany dia vokatra maivana, mandalo ary vitsy mpisitraka no ho azo. Mila tombana ohatra ny politikampirenena ho an'ny tanora. Ireto ny andininy vitsivitsy voakasik'izany: andininy faha 4: mametraka ny tanora ho loharano stratejika ho an'ny fampandrosoana: nanao ahoana ny fanatontosàna izany tamin'ireo politika ankapobeny ho an'ny firenena? Andininy faha 5: ahoana ny fampanjariana ireo soatoavina voalaza ao amin'ireo drafitr'asa isan-tsokajiny? Andininy faha 6 sy faha 7: nanao ahoana ny fahatrarana ireo tanjona voalaza ao? Andininy faha 9: ny tombana izay natao.

Ireo no lafiny teknika (méthodologie) tsy maintsy azo antoka raha te hanana paik'ady mitombina isika. Andininy faha10: tsara tombanana ny fandraisana anjaran'ireo vondrombahoaka itsinjarampahefàna sy ireo rafitra eny ifotony amin'ny fampandrosoana ny tanora. Ilaina ve ny mampatsiahy fa ireo faritra 22 misandrahaka amin'ireo kominina 1695 dia rafitra fampandrosoana ifotony? Ilaina jerena koa ny fandrindrana ireo mpiantsehatra ho fanasongadinana kokoa ny tombontsoan'ny tanora

Amafisina ny sosokevitra niarahana tamin'ny CCOC, dia ny hisiana sehatra ifampidinihina maharitra ao anatin'ny fomba fiasan'ny departemanta misahana ny tanora, sy any amin'ireo vondrona sy ratsamangaika sahaniny.

Aly

Zandarimariam-pirenena

Lalam-poza amin'ny RN1: mahavoasazy ny fitaterana antsokosoko

Nanao hetsika fanaraha-maso ny fanatanterahana ny fepetra sakana, manoloana ny hamehana ara-pahasalamana ny Zandariamariam-pirenena amin'ny faritra Analamanga sy Itasy, ny faran'ny herinandro teo. Ankoatry ny eny amin'ny arabe: lalam-pirenena dia notsirihina manokana koa ireo lalan-kely anaovan'ireo bisikileta sy moto lalam-poza amin'ny fitaterana olona antsokosoko.

Nisy tamin'izany ny tafatafa teny ifotony niarahana tamin'ny Kapiteny Manampy Chantol, komandin'ny Vondron-tobim-paritry ny Zandarimariam-pirenena Arivonimamo, teny amin'ny barrage RN1, Bemasoandro, kaominina Imerintsiatosika, distrikan'Arivonimamo.

Niaina

Taratasin'ny mpamaky

Fanehoan-kevitra ampitaina amin'ny gazety Ny Valosoa Vaovao izao manaraka izao : indramiko kely zay teny zay hoe: "TSY MANOHITRA BE FAHATANY, FA MANANA SOSOKEVITRA HAMPANDROSOANA NY FIRENENA".

Asa na misy mahatadidy angamba io teny io. Io teny io dia, efa nisy hatramizay fa tsy teny azoazo teny fotsiny. Zany hoe izy io dia tenin´ny mpanoratra hoe:

"REHEFA MANOHITRA DIA MILA MANDROSO VAHAOLANA". Eto aho dia miaiky tanteraky fa tena, hafa ihany zany Filoha RAVALOMANANA Marc zany. Olona tena manana vision tokoa izy ary tena hita hoe, ampiheverana avokoa zay zavatra ataony rehetra. Zaho mino fa tsy zaho irery no mahatsapa izany matoa tsy maty anarana ity Raimandreny ity hatram´zao fa ny Malagasy rehetra, mbola manantena ny fiverenany eo @ fitondrana indray ny Malagasy ankehitriny. Hita taratra tokoa tatoato fa raha tsy teo izy @zao fitondrana izao dia efa azo sokajiana fa tena rava i Madagasikara.

Manaiky aho fa izy no Raimandreny akaiky ny Malagasy ary miezaka zay hampandroso ny firenena. Raha izy angamba no atao fihaino dia possible lasa lavitra tsika, fa soa ihany fa efa manomboka mihaino azy ny fitondrana ankehitriny ary tsy vitany hoe mihaino fotsiny fa tena hita hoe, manatanteraka izay lazain'ny Raimandreny Filoha RAVALOMANANA. Eny e, mety hoe nohon´ny henatra @ hambopo be loatra ananan´izao fitondrana izao dia, mody mandà ihany izy fa fantatra ihany hoe manaiky ankolaka.

Ny olombelona tsy tonga lafatra fa rehefa mba motivée ny zavatra atao dia mba norme izy zay. Ary io resaka motivation io no hita tsy ampy @ mpitondra ankehitriny, mahavita miresaka, ary dia mampanantena mihitsy nefa tsy mba mahay mi- motivé zavatra refa misy tsy fahatanterahan´ilay teny navoaka.

Ex: "Hampitomboina ny tany fambolembary eto M/kara", motiveo ary hoe hampitomboina tokoa lay izy, satria raha ny zavatra hita dia mifanohitra @zany, fa toa lasa ny tanimbary indray no totofana raha ny zava-misy.

Hatreto aloha raha ny amiko manokana dia mila ny fandavatenan´ny Raimandreny Filoha RAVALOMANANA (DADA) ny firenena, mba hanaiky hiverina eo @ fitondrana.

Vonjeo i Madagasikara Président, mila anao ny Malagasy!

Etahorany Alexandre Bravo
Mpamaky gazety Ny Valosoa Vaovao

Kitra "Super League Européene"

Mampisy resaka be any Europe

Navoakan'ny gazety New York Times tamin'ny alahady 18 aprily 2021 lasa teo fa : nanambara ny fitsanganana'ny fifaninanana baolina kitra « Super League Européene » tamin'ny fomba ôfisialy ireo klioba miisa 12 lehibe sy matanjaka any Eurôpe : Real Madrid, FC Barcelone, Atlético de Madrid, Juventus Turin, AC Milan, Inter Milan, Liverpool, Manchester United, Manchester City, Chelsea, Tottenham ary Arsenal, na dia teo aza ny fandavana mavaivay nataon'ny UEFA sy ny « Ligues Nationales » ary ny Eca an'izany. Tafiditra tao anaty fanambarana niombonan'izy ireo ny hiresahana matotra amin'ny UEFA sy ny FIFA ny amin'ity Super League ity, sy ny hanatsarana ny baolina kitra iraisampirenena mihitsy ankehitriny. Efa an-taonany maromaro izao no nieritreritra ny hanatsarana ny kalitao sy havitrihan'ny fifaninanana any Europe ary namafisin'ny fitotongan'ny ara-

Ny sary famantarana ny Super League Européenne.

toekarenan'ny baolina kitra Eorôpeana, noho ny areti-mandoza coronavirus mihanaka eran-tany ankehitriny. Efa nambaran'ireto ekipa ireto koa ny raikipohy hitondrana an'ity fifaninanana ity, izay handraisana klioba 20 anjara dia ireo ekipa miisa 15 mpanorina miampy an'ireo ekipa 5 hafa, izay voakilasy ho mendrika indrindra tamin'ny taom-pilalaovana lasa. Hatao isan-kerinandro miaraka amin'ny fiatrehan'ireo klioba ny fifaninanana any aminy avy ity lalao Super League ity. Isaky ny volana aogositra no hanombohan'ny taom-pilalaovana, ka hozaraina vondrona 2 hanao lalao mandroso sy miverina avy ireo ekipa 20 mpandray anjara. Ireo ekipa 3 tafavoaka voalohany isam-bondrona, no hiatrika ny lalao 1/4-dalana ary ireo ekipa faha-4 sy faha-5 kosa dia hiatrika fifanintsanana manokana "à deux jambes", ka hiatrika ihany kosa ny 1/4-dalana avy eo. Ny lalao famaranana kosa dia lalao tokana ihany, ka hatao any amin'ny kianja "neutre" isaky ny faran'ny volana mey amin'ny taom-pilalaovana. Araka izay azo atao dia aorianan'ny fanombohan'ny fifaninanan'ny sokajy lehilahy amin'ity Super League ity dia hatomboka ihany koa ny fifaninanana sokajy vehivavy izany dia ho fampiroboroboana ny baolina kitra vehivavy maneran-tany. Noheverin'ireo mpanorina, fa hampiakatra avo ny toe-bolan'ny tontolon'ny baolina kitra Erôpeana, sy hampiakatra ihany koa ny fandoavana ny "Solidarité" eo amin'ireo klioba any antoerana ity fifaninanana vaovao ity. Marihana anefa fa niteraka resabe hoan'ireo klioba hafa any Europe, sy ireo mapanohana azy avy ary ireo hainovakijery samihafa ity fanambarana ôfisialy ny fananganana ny Super Legue any Europe tamin' iny alin'ny alahady teo iny, ka toherin'izy ireo marindrano mihitsy.

Rainilita

Tovovavy mahery vintana

Maty na marary izay tovolahy miaraka aminy

Hafa raha samy hafa indray ity tranga ity satria hay ve misy izany tovovavy mahery vintana izany, ka raha tsy marary dia maty mihitsy izay tovolahy miaraka aminy.

Tsy lavitra fa teto Antananarivo ihany no nisehoan'ny tantara. Sady mahay no tsara tarehy ity tovovavy ity. Tsy vitan'izany ihany, fa sady tsy miavona no mifandray amin'olona izany izy ary sariaka amin'ny mpiaramonina ihany koa. Ny mahagaga anefa hoy ny mpiara-monina dia izay tovolahy miaraka aminy dia na marary, na maty daholo, dia toy izany hatrany. Rehefa nanontaniana anefa ny fianakavian'ireny tovolahy ireny dia tsy mahatsapa na inona na inona fa maty na marary fotsiny izao. Indray andro ary dia nisy tovolahy saika haka vady azy no nanatona mpitsabo aloha satria matahotra ny ho faty koa ka niantso an'i Mr Aina tamin'ny 0342902668 sy ny 0338348163, mpitsabo eny Itaosy ary dia nandeha nanatona azy. Vao nihaona izy ireo dia fantatra ny nafenina. Omeko ny lakilen'ny fitiavana ary ianao hoy ity mpitsabo ity fa ho vadinao izy ary hiteraka soa amantsara ianareo roa.

Narenim-bintana ilay tovolahy

Mahery vintana io tovovavy io hoy ity mpitsabo ity ka izay miaraka aminy dia maty na marary avokoa. Teraka alakaosy izy io hoy izy ka tsy maintsy arenim-bintana izay miaraka aminy raha tsy te-ho faty koa. Nampandroina aloha ilay tovolahy ary nisy zavatra nentina nody raha vao mihaona amin'io tovovavy io. Ity zavatra omeko anao ity hoy izy no ahosotrao amin'ny tanany raha vao mihaona fotsiny ianareo. Vao niditra ny trano tokoa ilay tovolahy ka nangataka azy ho vady dia nampiasainy izay nolazain'ilay mpitsabo taminy. Nivadika nafàna tampoka izany ny tànan'ilay tovovavy ka teo no nahafantarana fa tena mahery vintana tokoa izy. Tamin'ny teniny anefa no nahafantarana fa hifanambina izy roa raha raikitra ny fanambadiany. Tsy nisy intsony ny olana fa raikitra ny fanambadiany ary niteraka soa amantsara koa. Niaiky avokoa ny rehetra fa zavatra hafa angamba no nampiasain'io tovolahy io matoa tsy marary sy tsy maty izany izy. Tsotra anefa ny valiny hoy ity tovolahy ity, nanatona teny amin'i Mr Aina Itaosy aho satria io mpitsabo malaza manana 'pouvoir' manokana io no namaha ny olako vantany vao hivady izahay roa. Tsy misy mahery vintana tsy azo arenina mantsy hoy izy , ka na ratsy sy mahery aza dia malefaka sy mora rehefa voakarakara. Niaiky avokoa ny mponina fa mahery tokoa izay fanarenam-bintana izay ka izay no tsy nahafaty azy. Raha fantatray izany hoy ny havan'ireo maty dia efa mba nandalo teny izahay naka fiarovana sy nikarakara vatana toa io tovolahy io, saingy efa tara satria samy manana ny anjarany tokoa angamba ny rehetra.

Namana